## Dingan'ny Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy

| Tompon-kevitra mpanorina ny tetikasa | ONE |
|---|---|
| Famenoana sy fametrahana taratasin-tsivana | |
| | Fanasokajiana ireo tetikasa fampiasam-bola<br>Taratasy fampahafantarana Sokajy (A, B, C) |
| Famaritana<br>Fandrafetana ireo tondro tari-dalan'ny FFTIS<br>Fakan-kevitra voalohany | |
| | Famakafakana ireo tondro tari-dalan'ny FFTIS<br>Fanamarihana momba ny tondro tari-dalana |
| Fanatanterahana ny FFTIS | |
| Fametrahana ireo antontan-taratasy FFTIS | |
| | Fandraisana ara-panjakana sy ara-teknika |
| | Fanombanana ara-teknika ataon'ny KTF<br>Fandraisan'anjaran'ny vahoaka |
| | Fanomezan-dalana ara-Tontolo Iainana miaraka amin'ny BATIS/ DPTIS |
| Fanatanterahana ny BATIS/DPTIS | |
| Fanaraha-maso ara-Tontolo Iainana | |
| Fampitàna ny valin'ny fanatanterahana ny BATIS | |
| Fanaterana isam-banim-potoana ny TFTIS | |
| | Fizohiana ny BATIS/ DPTIS<br>Valin'ny fanadihadiana ny TFTIS/ Fitanana an-tsoratra ny fizohiana |
| Fandrafetana ny TFTIS amin'ny fanakatonana | |
| | Fanadihadiana ny TFTIS amin'ny fanakatonana<br>Fanalàna Andraikitra ara-Tontolo Iainana |



## Fe-potoanan'ny fanombanana sy fanomezana ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana

Ny fe-potoana fanombanana ny antontan-taratasy FFTIS dia tsy mihoatra ny **60 andro fiasana**.

Ho an'ireo tetikasa goavana, ny fe-potoana ilaina dia tsy mihoatra ny **180 andro fiasana.**

Raha ilaina ny fangatahana fanazavana fanampiny, ny KTF dia manana folo **(10) andro fiasana,** manomboka amin'ny fandraisana ireo fanazavana fanampiny, hamakafakana izany.

***Fanamarihana*** : *Raha misy fahatarana ny valin-tenin'ny tompon'ny tetikasa, izay mety hisy fiantraikany amin'ny tetikasa, dia mety hampiharina ny fepetra fanampiny, toy ny fangatahana fanavaozana ny tahiri-kevitra.*



COMBO
BALANCING CONSERVATION & DEVELOPMENT

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE

# DIDIM-PANJAKANA LAHARANA 2025-080

**tamin'ny 28 janoary 2025**

***mametra ny fitsipika sy ny fomba fiasa amin'ny Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy, ho Fampifanarahana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo Iainana (MECIE)***

# Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy

ONE

**Ofisim-pirenena momba ny Tontolo Iainana**

Immeuble IFANOMEZANTSOA II,
Totohabato Ranavalona 1 Analakely
BP 822 Antananarivo 101 Madagasikara
Finday : +261 34 45 381 08
Mailaka : one@pnae.mg
Tranokala : www.pnae.mg
Facebook : fb.com/one.madagascar

Ireo Birao-paritra misy anay :

**Faritra Atsinanana**
Palais de la Région, Varavarana 07/10
Toamasina 501
Finday :+261 34 45 757 36
Mailaka : oneatsinanana@pnae.mg

**Faritra Anosy**
Lotissement Forêt - Ampasikabo -
Tolagnaro 614
Finday : +261 34 40 014 13
Mailaka : oneanosy@pnae.mg

*BATIS : Bokin'Andraikitra ara-Tontolo Iainana sy Sosialy*
*DPTIS : Drafi-Pitantanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy*
*FFTIS : Fanadihadiana ny Fiantraika ara-Tontolo Iainana sy Sosialy*
*FPTIS : Fandaharan'asam-Panekena ara-Tontolo Iainana sy Sosialy*
*KTF : Komity Teknikan'ny Fanombanana*
*TFTIS : Tatitry ny Fizohiana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy*

## Rafitra araky ny lalàna

**Satan'ny Tontolo Iainana Malagasy nohavaozina**
**Lalàna laharana 2015-003 tamin'ny 19 février 2015**

**Didim-panjakana MECIE**
**Didim-panjakana laharana 2025-080**
**tamin'ny 28 janoary 2025**
mametra ny fitsipika sy ny fomba fiasa amin'ny Fanombanana Ara-Tontolo Iainana sy Sosialy, ho fampifanarahana ny Fampiasam-bola amin'ny Tontolo Iainana

▶ Andininy faha-5 : Fitsipika momba ny fanatanterahana ny FFTIS ho an'ireo tetikasa **sokajy A** izay mety hiteraka fiantraika ratsy lehibe amin'ny tontolo iainana sy ny fiaraha-monina eo an-toerana, noho ny toetra ara-teknika, ny habeny ary ny mety faharefoana eo amin'ny toerana hametrahana ny tetikasa.

**Didim-pitondrana lombonan'ny Ministera laharana 4355**
**tamin'ny 13 Mey 1997**
mamaritra sy mametra ny faritra marefo

▶ Andininy faha-2 - Lazaina fa marefo ny faritra :
- ahitana singa iray na maromaro : biolojika, ekolojika, toetrandro, simika-fizika, ara-kolontsaina sy ara-tsosialy ary ara-toekarena ;
- izay manana sanda manokana ary marefo manoloana ny asa ataon'olombelona na tranga voajanahary mety hanova ireo singa voalaza ireo sy/na hanimba na handrava ilay faritra.

▶ Andininy faha-3 - Heverina ho faritra marefo ireto manaraka ireto : haran-dranomasina, honko, nosikely, ala tropikaly, faritra mora kahon'ny riaka, faritra maina na somary maina tandindomin-doza amin'ny fihangazanana, faritra mando, faritra voajanahary arovana, faritra fiarovana ny rano fisotro madio, mineraly na ambanin'ny tany, toerana paleontolojika.

## Fomba fanatanterahana ny FFTIS

Ny FFTIS dia anjara andraikitry ny Tompon-kevitra mpanorina ny tetikasa ary iantohany ny fandaniana amin'ny fanatanterahana izany. Ny votoatin'ny FFTIS dia tsy maintsy ahitana ireo teboka voalaza ao amin'ny Andininy faha-84 amin'ny Didim-panjakana MECIE.



## Fanasokajiana ireo tetikasa fampiasam-bola

Ny ONE irery ihany no manana fahefana hanao ny fanasokajiana ireo tetikasa fampiasam-bola.

Ny Didim-panjakana MECIE dia manasokajy ny tetikasa ho sokajy telo :

- **Sokajy A** : Tetikasa mety hiteraka fiantraika ratsy lehibe (Tovana I) ➔ **Tsy maintsy manao FFTIS, ary ny ONE no miandraikitra ny fanombanana.**
- **Sokajy B** : Tetikasa misy fiantraika antonony (Tovana II) ➔ **Manao FPTIS, ny minisitera misahana ny sehatra voakasika no miandraikitra izany.**
- **Sokajy C** : Tetikasa mety hisy fiantraika ratsy kely na tsy misy mihitsy ➔ **Manaraka ireo Didy amam-pitsipika isan-tsehatra, tsy ilàna FFTIS na FPTIS.**

Ny fe-potoana hanatanterahana ny fanasokajiana dia tsy mihoatra ny **30 andro fiasana.**

## Dingan'ny Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy

- Fametrahana ireo antontan-taratasy FFTS;
- Fandraisana araka ny fitantanan-draharaha sy teknika, arahana taratasy manamarina ny fandraisana izany ;
- Fahafenoana fepetra ara-panjakana sy ara-teknika, arahana fampahafantarana fankatoavana ireo antontan-taratasy ;
- Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy ataon'ny KTF ahitana ireto manaraka ireto :
  - Fanombanana ara-teknika ;
  - Fandraisana anjaran'ny vahoaka ;
  - Fanomezana fahazoan-dalana ara-tontolo iainana ;
  - Fizohiana, fitsirihana, fizahana ara-tontolo iainana sy sosialy ary fanakatonana.

## Fepetra azo andraisana ny antontan-taratasy FFTIS

Voafaritra ao amin'ny Andininy faha-86 ireto manaraka ireto :

- Fangatahana an-tsoratra ataon'ny Tompon-kevitra mpanorina ny tetikasa ho an'ny Fanombanana ara-Tontolo Iainana sy Sosialy, alefa amin'ny Tale Jeneralin'ny ONE ;
- Tsoa-tsoratry ny rejistry ny varotra sy fikambananam-barotra, ny sata, ny fitanana an-tsoratry ny fanendrena mpitantana ;
- Dika mitovy amin'ny karatra momba ny hetra sy ny karatra statistika, ary koa ireo antontan-taratasy rehetra manamarina ny fisiana ara-dalàna ny orinasa ;



- Taratasy momba ny fahafahana manatanteraka ara-teknika ny tetikasa, ankatoavin'ny Ministera mpiahy, miainga amin'izay no hanoratana ny lisitry ny fampiasam-bola ara-pitaovana ;
- Taratasy rehetra manamarina ny teti-bidin'ny fampiasam-bola vinavinaina ;
- Tatitry ny FFTIS : ny fametrahana izany dia atao araka ny andrefy sy ny isan'ny dika mitovy takian'ny ONE, an-taratasy sy elekronika, araka ny fepetra manan-kery ao anatin'ny toro-lalana ara-teknika momba ny Tontolo Iainana avy amin'ny ONE ;
- Ny famintinana tsy ara-teknika amin'ny teny malagasy sy frantsay ;



- Taratasy fanamarinam-pandoavana ny fandraisan' anjaran'ny mpampiasa vola amin'ny saran'ny fanombanana ara-tontolo iainana sy ny fizohiana ny BATIS. Mahakasika ny tetikasa fampiasam-bola-panjakana, ny taratasy fanamarinam-pandoavana dia azo soloina amin'ny dika mitovy ny Fifanarahana eo amin'ny Tompon-kevitra mpanorina ny tetikasa sy ny ONE izay manambara fa ny fandoavana ny fandraisana anjara dia atao ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny enim-bolana.